

ny fomba anakanan'i satana ny vavaka asandrantsika

Ady any amin'ny fanjakan'ny lanitra

John Mulinde, Obsteig (Australie) Nov. 2000

<http://www.divinerevelations.info/MALAGASY>



Fijoroam-bavolombelon'olona iray no hozaraiko aminareo izao. Nanompo an'I Satana io olona io taloha ary efa voavonjy. Rehefa nijoro vavolombelona izy dia tsaroako ho voakasika mafy ny foko! Tsy nino aho ka nifady hanina 10 andro teo anatrehan'ny Tompo ary nanontany azy hoe: *"Tompo ô! Marina tokoa ve izany?"* Tamin'izay indrindra no nampianaran'ny Tompo ahy ny zava-mitranga any amin'ny tontolo ara-panahy rehefa mivavaka isika.

Vantany vao nateraka ity lehilahy ity dia efa natolotr'ireo ray amandreniny ho an'i losifera. Fony izy tany ambohoka dia nanaovana fombafomba samihafa hahatonga azy hanompo an'i losifera. 4 taona monja izy dia efa nanomboka nampiasa ny fahefany ara-panahy ka nanomboka natahoran'ireo ray amandreniny. Rehefa feno 6 taona izy dia nankinindrainy tamina « mpanao hatsarana » iray mba hofaniny. Tamin'ny izy 10 taona dia nahavita zava-dehibe nigagàna tao amin'ny fanjakan-devoly ka natahoran'ireo mpimasy tsotra.

Na dia mbola tanora kely aza izy tamin'izany dia efa nahavita zava-dratsy tokoa. Nihalehibe izy ka tonga zatovolahy tokony ho 20 taona mihoatra, ary efa tena nihosondra ny tanany. Mamono olona an-tsitrapo izy. Afaka nivoaka ny vatany amin'ny alalan'ny fifantohana lalina "meditation transcendante" izy. Manao « lévitation » isy indraindray, izany hoe, miainga amin'ny tany ny vatany ka mitsingevana eny amin'ny rivotra; Indraindray koa dia tafiditra lalina izy ka mivoaka ny vatany; Tsy mihetsika eo ny vatany nefa izy mandehandeha manerana izao tontolo izao. Izany no antsoin'ny vazaha hoe « voyage astral ». Nampiasain'i satana io lehilahy io hamotika sy handrava fiangonana maro dia marosy hanimba fiainana mpitandrina.



Indray andro, nirahina hamotika fiangonana iray mirehitra amin'ny fivavahana izy. Nisy fisamatsamahana sy tsy fifankahazoan-kevitra tao amin'io fiangonana io ary nanomboka niasa tao izy. Tamin'io fotoana io dia nantsoin'ilay mpitandrina hifady hanina ny mpiangona iray manontolo. Vao natomboka ny fifadian-kanina dia maro ireo nibekaka sy nifamela. Nivondrona izy ireo ka nanomboka nivavaka mba hiasan'ny tompo ao anatiny. Nanohy nifampivavaka izy ireo, nasandrany mafy ny feony mba hamindran'ny Tompo fo ka hidirany antsehatra amin'ny fiainany. Efa andro maromaro no lasa, ary mbola niverimberina teo foana ilay tovolahy miaraka amin'ny fanahin-devoly hanohitra ilay fiangonana. Ary nisy teny faminiana nomena azy ireo dia ny tokony hitsanganan'ny kristiana hanohitra ny herin'ny maizina manafika ny fiangonana.

Indray andro ary dia navelan'ity tovolahy ity tao antrano ny vatany ka lasa izy nitari-tafiky ny fanahy ratsy mahery hanohitra ilay fiangonana.

Toy izao no fitantarany:

Nandehandeha tao am-piangonana ny fanahiny ary niezaka nanafika, kinanjo, rakotra hazavana ilay trano fiangonana. Tampoka teo dia nisy miaramilan'Anjely nanafika azy ireo. Niady teny amin'ny rivotra izy ireo ka tsy maintsy nitsoaka avokoa ireo devoly, fa izy kosa azon'ireo anjely babo. Eny voatazona. Anjely enina no nisambotra azy ka nampiditra ny vatany avy teo an-tafontrano manoloana ny alitaram-piangonana. Ny olona kosa nivavaka hatrany teo am-piatrehana adim-panahy lalina, vavaka mamatotra, mamotika, ary mandroaka ireo devoly.




Teny anoloana ilay mpitandrina nitarika ny vavaka sy ny ady. Ary niteny taminy ny fanahy masina ka hoy izy: *"Tapaka ny zioga ary indro manoloana anareo ilay tovolahy. Ampio izy mba ho afaka."* Rehefa nihiratra ilay mpitandrina dia nahita ilay tovolahy resy tanteraka efa tao anatin'ny vatany. Nolazainy fa tsy fantany ny fomba nanarahan'ny vatany azy; Navelany tany antranony mantsy izy io, nefa dia efa tao anatiny izy teto, tsy fantany ny fomba niaviany, nefa ireo anjely no nitondra azy avy tao an-tafontrano.

Fantatro fa sarotra inoana izany rehetra izany. Ary nampanginin' ilay mpitandrina ny mpino ka nilazany izay nambaran'ny Tompo taminy, ary hoy izy nanontany ilay tovolahy : "Fa iza ianao?" nangovitra ilay tovolahy rehefa nanomboka nivoaka tao aminy ireo devoly. Nivavaka ho fanafahana azy izy rehetra noho izany ary nanomboka nitantara ny fiainany izy. Nanatona ny Tompo izy ary lasa evanjelisitry mpitory ny filazantsara. Ankehitriny izy dia ampiasain'ny Tompo amin'ny fomba mahery hanafaka olon-kafa maro.

Indray alina izay, Izahoe (John Mulinde) dia nanatrika fiaraha-misakafo iray. Ny antony tena nandehana dia te-hahita ity tovolahy ity aho sady te-hanamarina ny tantarany, efa nandre ny momba azy mantsy aho. Nipetraka hihinana aho, ary nanomboka ny fijoroany vavolombelona izy. Betsaka ny zavatra nolazainy. Indraindray izy latsa-dranomaso mihitsy noho ireo zava-bitany. Rehefa tapitra dia nanomboka nanafatra izy.

Maro mpitandrina tao. Ary hoy izy : "*Manafatra anareo mpitandrina aho, raha azo atao, ampianaro mivavaka ny mpino.*" Ny olona tsy mivavaka dia azon'ny devoly alaina amin'ny fomba rehetra. Ary ny fahavalo dia afaka mitrandraka ny fivavany sy ny fiainany amin'ny fomba maro. Eny, hain'ny fahavalo hatramin'ny manararaotra ireo olona tsy mahay mivavaka. "*Ampianaro ny olona ny fampiasana ilay fiarovana ara-panahy nomen'Andriamanitra.*"




Avy eo dia nohazavainy ny fomba fitarihany ady eny amin'ny rivotra. Mandeha eny amin'ny rivotra miaraka amin'ny mpanompon'i satana sy fanahin-devoly hafa izy ka toy ny mandrava ny asa efa vitanao. Matetika izy ireo no miady any an-danitra. Nolazainy tamin'izany fa any an-danitra any, any amin'ny tontolo ara-panahy dia misy aizina matevimbe toy ny vatolampy maharakotra faritra iray manontolo. Ary ireo fanahy ireo dia afaka mivezivezy ao ambany sy ambonin' ilay vatolampy. Ary avy ao izy ireo no manova ny fitrangan-javatra ety an-tany.

Rehefa miala tany ireo fanahy ratsy sy ireo mpanompon-devoly dia midina ety an-tany ka mamonjy toeram-pihaonana iray, izay mety ho any anaty rano na ety ambonin'ny tany hanavaozan'izy ireo ny herim-panahiny. Fomba ahoana hoy ianao no hanavaozany ny heriny ? Ireo sorona ataon'ny olona eny amin'ny alitara. Mety ho sorona takian'ny ody ratsy, sorona amin'izay mety ho ra rehetra, mety ho fanalan-jaza, mety ho ady na fanaovan-tsorona olona na biby. Indraindray koa mety ho fampanaovana ny olona zavatra mihoatra ny tokony ho izy ka manao ny filan-dratsy ara-nofo amin'ny fomba samihafa ny olona amin'izany. Izany no manome tanjaka azy ireo. Maro karazana ireo sorona.



Nolazainy fa rehefa any an-danitra ireo mpanompon-devoly ireo ka manomboka mivavaka ny kristiana ety an-tany dia miseho amina endrika 3 izany vavaka izany. Ny vavaka rehetra dia toy ny setroka miakatra any an-danitra :



- Fa ny sasany amin'izy ireny mivily lalana ka manjavona eny amin'ny rivotra. Io dia vavaka avy amin'ireo olona nanota nefa tsy vonona hiala amin'izany. Malemy loatra ny vavak'izy ireo ka manjavona fotsiny eny amin'ny rivotra.
- Ny karazany hafa dia toy ny setroka miakatra hatreo amin' ilay vatolampy kanefa tsy afaka manavatsava azy. Ireo indray amin'ny ankapobeny dia olona miezaka hadio am-po nefa tsy manan-kery. Ny ankamaroan'izy ireo dia tsy mahalala ireo zava-dehibe ilaina rehefa mivavaka.
- Ny karazany fahatelo dia toy ny setroka feno afo. Mahamay loatra izy io ka mitsonika toy ny savoka ilay vatolampin'aizina rehefa andalovany, ary manavatsava izy.

Matetika ny olona raha vao manomboka mivavaka dia toy ilay karazany voalohany ny fivavany, fa rehefa manohy izy dia miova ho toy ilay karazany faharoa. Ary raha mbola manohy ihany izy dia mirehitra ny fivavany ka tonga mahery ka mandoaka sy manavatsava ilay vatolampy.



Matetika no voamariky ny fanahy ratsy fa manomboka miova ny fivavaky ny olona ka manomboka hirehitra, Rehefa izany dia mifandray amin'ny fanahy ratsy ety an-tany izy ireo ka manao hoe: *"Helingelena io olona mifantoka amin'ny fivavahana io. Aza asaina mivavaka intsony, avoahy tao."*

Matetika dia matetika ny kristiana no voafandrika ka tafiditra ao anatin'ilay kizon'ny fandrebirebena. Nefa izy efa nirehitra, efa nibebaka ary efa namela ny Teny hanamafy ny finoany amampahiny, Rehefa hitan'ny devoly fa mihamifantoka ilay olona ka mihamahazo hery ny vavaka asandrany dia avy izy amin'ny fanelingelena isan-karazany. Maneno ny finday. Indraindray aza, isika izao, ao anatin'ny vavaka lalina dia lalina no misy miantso, mihevitra isika fa afaka mamaly ary miverina mivavaka indray avy eo. Nefa rehefa miverina dia manomboka hatramin'ny voalohany indray. Izay mihitsy nefa no ilain'ny devoly.



Mety mahakasika anao mivantana ny fandrebirebena hafa, mety ho fikasihana ny vatanao ka mahatonga fanaintainana. Mety hahatsiaro noana tampoka ianao ka mankany an-dakozia hitady sakafo. Raha vao tafafindrany toerana fotsiny ianao dia efa resiny.

Ilazao ireo mpitandrina : *"Ampianaro ny olona haka fotoana manokana fa tsy hivavaka isak'izay mahatsiaro fotsiny. Afaka manao ny fanaony izy ireo mandritry ny andro, fa rehefa tonga kosa ilay fotoana manokana dia tokony hampifantoka ny fony iray manontolo amin'Andriamanitra ka tsy misy tokony hanelingelina azy."*

Raha toy izany ny fivavaky ny olona, raha mamela ny fanahy hanoro lalana azy izy, raha manohy hatrany hatrany dia misy zava-mitranga any amin'ny tontolo ara-panahy. Mahazo ilay vatolampy ilay afo ary mampitsonika azy. Nolazain'ity lehilahy ity ihany fa mamaivay ny hafanana mandritry ny fitsonihany ka tsy misy mahazaka azy na fanahin'devoly na fanahin'olona, mitsoaka avokoa izy rehetra noho izany.



Ary manomboka misy fisokafana any amin'ny tontolo ara-panahy. Rehefa izany dia mivaha avokoa ireo olona tanisainy ao amin'ilay vavaka. Ilay olona ety an-tany amin'io mahatsapa fotsiny hoe mihamalefaka sy mahafinaritra nefa matanjaka sy mahery ilay vavaka ataony. Ary fantatro fa, raha ny tokony ho izy dia tsy tsapantsika intsony ny fotoana lany sy ny zavatra hafa mandritra izany. Tsy misy fahavoazana akory isika amin'izany fa Andriamanitra no mandray an-tanana ny fotoantsika. Toy ny hoe, namela ny zavatra hafa rehetra ianao ka nifandray amin'Andriamanitra. Ary nolazainy ihany fa raha vao tafita ny vavaka iray, manomboka eo dia tsy misy mahasakana azy intsony, ary afaka manohy mivavaka mandritry ny fotoana ela araka izay tiany ilay olona. Tsy misy afaka mampijanona azy.



Ary hoy izy nanohy, Rehefa vita ilay vavaka dia mijanona misokatra ilay lavaka, Ary rehefa miala tao amin'ilay toerana nivavahany ilay olona ka mandeha dia manaraka azy foana ilay lavaka misokatrabe. Tsy ao ambanin'ilay vatolampy intsony izy fa ao ambanin'ny lanitra mivantana. Nolazainy fa raha vao tonga amin'izay dingana izay ilay olona dia tsy misy azon'ny devoly atao intsony. Ary ny fanatrehan'ny Tompo dia toy ny andry avy any an-danitra izay mitoetra eo aminy. Voaaro izy. Matanjaka aoka izany ny hery ao anatin'io andry io ka mahakasika olon-kafa koa ny fanatrehany rehefa mifindra izy. Fantany izay nataon'ny fahavalo tamin'ireo olon-kafa ireo. Raha miresaka aman'olona manoloana azy izy dia tafiditra ao anatin'ilay andry koa io olona io. Ary mihena ny herin'ireo fahavalony raha mbola ao izy.

Noho izany, rehefa iresahan'ny olona manana izany vavaka matanjaka izany momba an'i Jesosy Kristy ny mpanota dia tsy mahita havalany firy ka mora ny mamoka azy ao anaty aizina. Noho io fanatrehana io dia hafa mihitsy ny fiantraikany rehefa mivavaka ho an'ny marary na ny olon-kafa izy. Nolazainy fa halan'ny devoly ny olona toy izany. Nolazainy koa fa raha misy toerana iray anaovana fotoam-bavaka toy izany matetikadia mankao io fanatrehana io ary tsy miala ao intsony. Noho izany, na ny olona tsy mahalala an'Andriamanitra aza raha mankao amin'io toerana io dia mihagoragora avokoa ny fatotra mahazo azy.

Ary raha misy olona feno fitiavana maharitra amin'ny fampianarana azy dia ho afaka mora foana ao anatin'ny aizina izy,. Tsy noho ny hery na ny tanjaka fa ny fanatrehan'ny fanahin'Andriamanitra. Nefa, hoy izy, raha tsy misy mandray an-tanana ireny olona ireny dia ho eo amin'ilay fanatrehana izy, ary hanamelotena, manontany tena izy raha tokony hiditra na tsia, ary mbola tsy afaka ao anatin'ny aizina ka rehefa manalavitra io toerana io dia mihamafy indray ny fatorany. Ary ataon'ny devoly ny fomba rehetra tsy hiverenany amin'ny tontolo toy io intsony.

Azonareo antssaina angamba izahay rehetra mipetraka mijery io lehilahy io. Nolazainy anay ny zavatra ampiasainy rehefa izy hihetsika sy ny fomba ataony rehefa hijery. Ary nolazainy anay ny fomba atao amin'ireo olona mirehitra amin'ny fivavahana. Nolazainy fa arahiny maso izy ireo; Halalininy manokana ny momba azy hijerenty izay atao. Noho izany dia fantany ny fahalemen'ilay olona, ka izay mahita azy mivavaka mirehitra dia mifandray amin'ny fanahy hafa ka manao hoe : "Ity, na ity, na ity ihinanana azy, ireo no fahalemeny!" Noho izany, rehefa mivoaka ny trano ilay olona dia mbola miaraka aminy ny fanahim-pivavahana sy ny fanatrehan'Andriamanitra, mahery ny fanahiny, ny hafalian'ny Tompo no heriny. Ary rehefa mifindra izy dia ezahin'ny fahavalo ahodina ny lohany mba tsy hifantoka amin'ny Tompo intsony.

Raha ny hakizitinana ohatra no fahalemeny dia maniraka olona ny fahavalo hanao izay hahatezitra mafy azy. Ary raha tsy tena miray amin'ny fanahy masina ilay olona ka tezitra dia efa voahodin'izy ireo ny sainy. Tezitra izy, nefa afaka minitra vitsy dia tonga saina tampoka ka te-hamela izany rehetra izany ka hiverina amin'ny hafalian'ny Tompo kanjo tsy tsapany intsony izany. Miezaka izy nefa mbola tsy mahatsapa na inona na inona foana. Nahoana ary? Rehefa lavo tamin'ny fakampanahy izy dia niasa mafy izy ireo nanidy indray ilay varavarana any ambony. Ary raha vao voaverin'izy ireo ilay vatolampy dia tapaka ny fifandraisana amin'Andriamanitra. Mbola mijanona ho zanak'Andriamanitra ilay olona saingy ilay hosotra manokana tamin'ny fiainany, Ilay fanatrehana miasa tsy mila ny fanampiany dia niala.

Karohin'ny devoly fatratra ny fahalemen'ny olona. Raha any amin'ny firaisana ara-nofa dia anomanany olona na fitrangan-javatra mamoha indray ilay filana ka mahatonga azy amin'ny fakam-panahy. Raha lavo izy ka manaraka ny heviny dia efa variana. Ary rehefa avy mivavaka izy dia tsapany fa tsy eo intsony ilay hosotra tiany hifindrafindra miaraka aminy. Angamba hoy ianao hoe : *"Tsy marina izany."* Tsarovy ny ambaran'ny baiboly hoe: *"raiso ny famonjena ho fiarovan-doha. Mitafia ny rariny ho fiarovan-tratra."* Amin'ny ankapobeny isika dia tsy mandinika ny ilana sy ampiasana ireny fitaovam-piadiana ireny. Nefa tsarovy ny vavaka nampanaovin'ny Tompo antsika amin'ny faran'ny "Rainay izay any an-danitra" : *"Aza mitondra anay amin'ny fakampanahy, fa manafaha anay amin'ny ratsy."*

Isaky ny mirehitra amin'ny fivavahana ianao, Aza hadinoina rehefa mamarana azy fa mbola olombelona ihany ianao, ka malemy, mbola tsy tonga lafatra. Mangataha amin'ny Tompo ka manao hoe : *"Tompo ô ! Tiako ity fotoam-pivavahana ity, fa aza mitondra ahy amin'ny fakampanahy rehefa mivoaka any aho. Aza avela handeha amin'ny fandriky ny devoly aho. Fantatro fa mamela-pandrika manoloana ahy ny fahavalo, tsy fantatro nefa izay mety ho endriny. Ny hany fantatro dia manana fahalemena aho amin-javatra sasantsasany. Fantatro fa raha sendra izany aho dia mety ho lavo. Arovy aho Tompo. Raha hitanao mizotra mankany amin'ilay fandrika aho dia ahodino lalan-kafa. Midira antsehatra ry Tompo. Aza avela handeha amin'ny heriko sy ny fahalalako aho. Manafaha ahy amin'ny ratsy."*

Hain'Andriamanitra izany, tena hainy. Izay no mahatonga anao rehefa misy zavatra mitranga tsy hanantenany afa-tsy hoe: *"Misaotra Jesosy."* Izay koa no nahatonga an'i apostôly paoly hanoratra ao amin'ny Itesaloniana 5:18 : *"Misaora amin'ny zavatra rehetra; fa izany no sitrapon'Andriamanitra ao amin'ny Kristy Jesosy ho anareo."* Tsy tsara ny zavatra sasany, misy aza mampitondra fangirifiriana mihitsy. Nefa isika manontany tena ny antony tsy amelan'Andriamanitra azy hitranga amintsika. Raha mba fantantsika mantsy fa mamonjy antsika amin'ireny zava-dratsy ireny izy dia hisaotra azy isika. Rehefa mianatra matoky ny Tompo isika dia hisaotra azy amin'ny zava-drehetra.

Ry malala isany, asa raha tokony handeha lavidavitra kokoa isika fa tsy tiako ny hanomboka zavatra tsy ho haiko faranana. Avelao fotsiny aho hanohy amin'ny dingana manaraka. Nolazain'ity lehilahy ity fa rehefa mandavaka toy izany ny vavaka dia tonga foana ny valiny, nolazainy fa tsy mbola nahita tranga izy hoe tafita ilay vavaka nefa tsy nisy valiny. Tonga foana ny valiny, hoy izy,. Nefa amin'ny ankapobeny dia tsy tonga any amin'ilay nangataka azy io valiny io. Fa nahoana? Noho ny ady any an-danitra. Nolazainy fa mandritry ny fotoana ahafahan'izy ireo manapaka ny fifandraisana amin'ny tompo sy manangana indray ilay vatolampydia arahiny maso tsara ilay olona satria fantany fa tsy maintsy ahemotra ny valim-bavaka tokony ho azony.

Nony avy eo izy niresaka zavatra nanozongozona tanteraka ny finoako. Ny zavatra nozarainy taminay manaraka no tena nifadiako hanina nandritry ny 10 andro ka nanontaniako hoe »Marina ve izany ry Tompo? Azonao porofoina?» Nolazainy fa ny kristiana tsirairay dia manana anjely. Efa fantantsika ny ambaran'ny baiboly momba ny anjely ao amin'ny hebreo 1:14 : *"Tsy fanahy manompo va izy rehetra, nirahina hanao fanompoana ho an'izay handova famonjena?"* Nolazainy fa rehefa mivavaka ny olona dia alain'ny anjelyny antànana ny valiny ka entiny, araka izay hitantsika ao amin'ny bokin'ny daniela. Avy eo izy nilaza zavatra faran'izay sarotra atelina: Raha mahafantatra ireo fiadiana ara-panahy ilay mivavaka ka mitafy azy, ny valim-bavaka koa dia entin'ny anjely mitafy fiarovana feno.

Raha tsy ampiasain'ily mivavaka ny fiadiana ara-panahiny, dia tonga tsy misy fiarovana ireo anjely. Tsy tena miatrika ady ara-panahy ny kristiana tsy miraharaha loatra an'izany ka tsy manao aroloha ny anjelin'izy ireo. Na inona na inona fiadiana tsy nampiasainao dia tsy itafian'ily anjely rehefa manompo anao izy. Toy izao raha lazaina amin'ny fomba hafa, Tsy ny tenantsika akory no arovan'ireny andry ara-panahy ireny fa ireo mpiahy antsika ara-panahy.

Nolazainy fa rehefa tongan y anjely dia ifantohan'ny mason'ireo devoly tsara ka jereny izay faritra tsy voaro amin'ny tenany, ka ao no asiany. Raha tsy manao aroloha izy dia tafiriny amin'ny lohany. Raha tsy manao fehin-tratra dia kendreny ny tratrany. Raha tsy mikiraro dia andrehetan'izy ireo afo handehany. Indro hotateriko aminareo izay nolazainy. Nanontany azy izahay hoe: "Ny anjely ve mahatsapa ny famaivain'ny afo?" Hitanareo ny navaliny anay? Aza hadinoina fa any amin'ny tontolo ara-panahy izany rehetra izany. Fanahy no miady amin'ny fanahy. Henjana ny ady, Ary raha vao voafehiny ilay anjelin'ny jehovah dia ilay valim-bavaka entiny no alainy voalohany, ary omeny azy ireo!



Ary ireny no omeny (ny satana) ireo mpamonjy ombiasa sy mpanao fombafomba samihafa ary ireo miteny hoe: *"Magie no nahazoako ity."*

Tsarovy ny teny ao amin'ny jakoba 1:17 : *"Ny fanomezan-tsoa rehetra sy ny fanomezana tanteraka rehetra dia avy any ambonny ka midina avy amin'ny Rain'ny fanazavana..."* Midika izany fa avy amin'Andriamanitra avokoa ny zava-tsoa rehetra. Avy aiza ary noho izany ireo zavatra omen'ny devoly ny vahoakany? Misy amin'ireo momba no manatona mpimasy na mpanompon-devoly ary bevohoka tokoa! Iza ary hoy ianao no nanome azy io zaza io? Mihevitra ve ianao fa mpamorona i satana ?? Tsia! Nangalariny tamin'ireo tsy nivavaka hatramin'ny farany. Hoy ny voasoratra ao amin'ny *Itesaloniana 5:17* : *"Mivavaha, ka aza mitsahatra."* Ary hoy Jesosy ao amin'ny lioka 18:8 : *"...Kanefa, raha avy ny Zanak'olona, moa hahita finoana ety ambonin'ny tany va Izy?"* Mbola eo andalam-piandrasana ve ianao sa navelanao hangalarin'ny fahavalo ny vavaka nataonao?

Nolazainy fa Tsy ny hangalatra ny valimbavaka ihany no tena mahaliana azy ireo fa indrindra koa ny hiazonko babo ilay anjely. Manomboka miady aminy izy ireo. Ary indraindray, hoy izy, dia voatazony sy voafatony izy. Raha vao izay no mitranga dia tratrany koa ilay kristiana ety an-tany. Azon'izy ireo atao amin'izay tiany satria tsy misy anjely miambina intsony.

Ary nanontany azy aho hoe: *"Ny tianao holazaina ve izany hoe azon'ny devoly atao ny managadra anjely?"* Tamin'ny fotoana nitenenany izany rehetra izany dia tsy mbola tena nahalala ny soratra masina io lehilahy io, ny traikefa niainany fotsiny no nozarainy. Nefa nolazainy fa tsy mitazona azy ela izy ireo, satria raha misy kristiana mivavaka any ho any dia misy anjely hafa tonga ka ireo no manampy sy manafaka azy.

Raha tsy tena mirehitra ilay olona mivavaka dia mijanona ho babo ilay anjely. Ary ny fahavalo mandefa « anjely » avy any aminy ho mpanalalana, Ary izany no iavian'ny fitaka, ny fahitana tsy izy sy ny faminiana sandoka ary ireo mpitarika ratsy. Ny tiako holazaina dia diso foana izy amin'ny fanapahan-kevitra raisiny noho ny fitarihan'ny fanahy ratsy azy. Ary matetika izy ireny no voatafika sy voafatotra.

Nangorohoro fatratra ny fanahiko. rehefa niala teo amin'ilay fisakafoanana aho, tena nangorohoro ka nangataka tamin'ny tompo hoe: "Tompô ô ! Tsy te-hino izany rehetra izany aho." Lasa miala avokoa ny fahatokisako sy ny fiadanan-tsaiko. Rehefa nanoloana ny Tompo nandritra io 10 andro io aho dia nanaovany zavatra 2. Tsy vitan'ny nanamarina izay reko tamin'io izy fa koa nanokatra ny masom-panahiko hahitako zavatra hafa ankoatr'izay notantarain'io lehilahy io. Manaraka izay dia natorony ahy ny fomba atao raha sendra mitranga izany mba tsy haharesy antsikafa mba hampandresy antsika. Zavatra 3 no tsara ho fantantsika ary tsy maintsy hampiharintsika.

I – Ahoana no hampiasantsika ireo fiadiana.

Ny baiboly dia miantso azy ireo hoe fiadian'Andriamanitra. Tsy antsika izy ireo fa an'Andriamanitra. Rehefa mampiasa azy isika dia mamela an'Andriamanitra hiady ho antsika.

II – mila azo tsara ny fifandraisan'ny fanompoana, ny anjely ary ny fiainam-panahintsika.

Mitandrina ny amin'ny fonsika satria izay mitranga ao no mamaritra ny zava-miseho momba antsika eny amin'ny tontolo ara-panahy.

III – Ny fanahy masina

Tsy tonga hanompo antsika akory na hitondra zavatra ho antsika no niavian'ny fanahy masina. Izy tsy natao hivesivezy hitatitra any amin'ny ray izay ilaintsika. Asan'ny anjely izany. fa izy kosa mijanona eo anilantsika. Haninona ary hoy ianao? Hanoro, hampianatra, hitari-dalana ary hanampy antsika hivavaka amin'ny fomba mahomby. Mampandre antsika izy raha mitranga ny toy izany any amin'ny tontolo ara-panahy, Indraindray izy mamoha anao amin'ny alina ka manao hoe: "mivavaha!". Nefa hoy ianao: "Tsia, tsy mbola fotoana." Ary hoy izy: "Mivavaha izao dia izao!" Nahoana? Satria hitany ny zava-mitranga any amin'ny fanahy. Indraindray izy miteny hoe: "Mifady hanina ianao rahampitso!" Nefa hoy ianao: "Tsia, aleo amin'ny alatsinainy!" Nef aizy mahalala ny zava-mitranga any amin'ny tontolo ara-panahy. Tokony hihaino ny Fanahy masina isika. Izy no mitarika antsika ho amin'ny lalan'ny fahamarinana.

Ry malala, tsara raha mijanona eo isika. Rahampitso isika mety hiresaka ny fomba mahomby hanandratambavaka, hianatra hiady ara-panahy, ahoana no fomba handoahantsika ilay vatolampy. Ahoana no fomba hiazonantsika azy tsy ho tampina. Rehefa haintsika izany rehetra izany dia tonga mahafinaritra ny mivavaka. Hianarantsika fa tsy antsika ny ady fa an'ny Tompontsika! Alléluia !

'Ndeha isika hitsangana. Mijere olona iray amin'ny masony ka alaivo an-tsaina ny isan'ny zavatra tsy voarain'io olona io tamin'Andriamanitra. Mifandraisa tanana amin'olona 2 na 3 ianao raha mety ary mifampiresaha hoe: "Tsy mila faharesena intsony isika! Afaka handresy isika, ampy ny tanjaka ilaina amin'izany! I jesosy no efa nanao ny rehetra." Mifampivavaha hahatonga ny tompo hanampy anareo handresy. Tsy mila resy isika. Ampy ny fahasoavana sy ny tanjaka ilaina amin'ny fandresena.



Misaotra
Jesosy.